

ALAHADY V - PAKA - TAONA A



« Izaho no làlana sy fahamarinana ary fiainana; tsy misy olona mankany amin'ny Ray afa-tsy amin'ny alalako » (Jo. 14: 6)

Ry Kristianina havana, matetika isika eo amin'ny fiainantsika no very hevitra noho ny zavamisy mety manahiran-tsaina tokoa ka manontany aza hoe : mbola misy ve izao Andriamanitra izao, aiza ny lalan-kombàna, aiza ny hiafarana ? Very fanahy mbola velona isika matetika ka androany amin'izao Alahady fahadimy amin'ny Paka izao dia abaribarin'ireo

vakiteny fa ho an'izay mandray an'i Jesoa eo amin'ny fiainany dia i Jesoa mpiara-belona izay tsy lavitra fa eo akaikintsika dia izy tokoa no làlana ka tsy tokony ho very isika satria izy no fahazavana rahateo manilo ny fiainantsika. Tsy mandeha amin'ny haizina isika ka tsy ho very na oviana na oviana. Izy rahateo ny

Vakiteny I : Asa 7, 1-71

Tononkira : Sal. 32,

Vakiteny II : 1 Pi. 2, 49

Evanjely : Jo. 14, 1-12

fahamarinana izany hoe misy fototra tsara sy tena maharitra ary tsy ho voahozongozona rehefa marina. Ireo razantsika nilaza hoe fisaka ny rariny satria sarotra tadiavina ka rehefa mahita azy dia izany no famonjena. I Jesoa no marina, izy no fiainana, izy no hasambarana sy fiadanana.

Ny evanjely androany dia vakina matetika amin'ny fotoana fandevenana satria raha mahita ireo havantsika lasan'Andriamanitra isika, mahita ny vatana mangatsiaka dia very saina mametram-panontaniana : izao ve ny fiafarana ?

Ireo Apostoly koa dia niaina izany tebiteby izany raha nambaran'i Jesoa fa ho faty izy. Feno tebiteby ny fiainantsika ary fantatr'i Jesoa mpiara-belona amintsika izany. Io no nahatonga azy nilaza tamin'ny Apostoly : aza mitebiteby ianareo, aoka tsy hitebiteby ny fonareo, minoa an'Andriamanitra.

Teniny ho antsika androany koa izany : “Minoa an'Andriamanitra”.

Nisafidy ity taona ity ho fandalinam-pinoana isika, raha mino isika fa mpiara-belona amintsika Andriamanitra na dia maro aza ny zavatra mety manahirana atsika, ny tebiteby atrehintsika, ny zavatra mampijaly atsika, ny fahoriana, na dia eo aza ny rivotra mifofofofa mitady handrava ny fiainantsika, raha apetrantsika eo anivon'ny fiainantsika i Jesoa, raha i Jesoa ekentsika ho mpiara-belona amintsika, dia matoky ary efa fantantsika fa manamboatra ny toerana ho antsika zanak'Andriamanitra izy.

Tsy fitadiavana toerana ny finoana fa fametrahana ny anjara toerana maha zanak'Andriamanitra an'i Jesoa. Raha ny marina izany i Jesoa no manamboatra ny toerany ao amintsika ao ka àry esorintsika hiala ireo “encombement” rehetra ireo *“Hanamboatra toerana ho anareo aho, ka izay misy ahy no hisy anareo”*. Ao ampontsika ao izy ka ny fontsika amin'izay dia fon'Andriamanitra, izay hiainantsika eto no hianantsika any an-danitra. Nilaza i Jesoa *“IZAHO NO LALANA SY FAHAMARINANA ARY NY FIAINANA”*

Mamakivaky an'ity fiainana ity isika ka izay misy an'i Jesoa no misy atsika. Ny tadiavin'i Jesoa dia isika mahalala ny alehany, tahaka ny navaliny an'i Tomà fa izy no làlana sy fahamarinana ary fiainana, izy sy ny Ray dia iray ihany.

Izany no maha mpiara-belona ho antsika satria ao amintsika izy, ao amintsika koa ny Trinite masina satria olo araiky amin'Andriamanitra isika. Na dia mafy aza ny rivotra amin'izao tontolo izao, na dia mafy ny fakam-panahy dia i Jesoa mitari-dàlana atsika, raha mino azy isika dia hanao ny asa maha zanak'Andriamanitra antsika isika. Izany ny vokatry ny batemy eo amin'ny fiainantsika, entanin'ny Fanahy masina isika ka manentana ny hafa ka tsy ho very izay miaraka amintsika, marina ny fiainantsika ka olona afaka isika. Izay manao ny marina no hendry, izany no tadiavin'i Jesoa amintsika. Tsy hoe mandeha ho azy ny fiainantsika, raha izy eo anivontsika, miaraka aminy isika mandavorary ny fiainantsika. *“Aoka ho lavorary ianareo tahaka ny fahalavorarian'ny Ray”* Isika entanin'ny Fanahy masina, entanin'ny fitsilovan'ny tenin'Andriamanitra ary ankaherezin'ireo sakramenta izay manamasina ny fiainantsika sy ny finoantsika *“Katolika vita batemy aho, manome hasina ny finoako”*

Izany ny vokatry ny PAKA eo amin'ny fiainantsika

Voalaza ao amin'ny vakiteny faharoa "Taranaka mpisorona manjaka" satria efa ao amintsika ny asan'ny Fanahy masina ka afaka manolotra fanatitra ara-panahy ankasitrahin'Andriamanitra isika, entanin'izay Fanahy masina izay ka ny fiainantsika manontolo no fanatitra ho an'Andriamanitra.

Ny vakiteny voalohany manambara raha misafidy ireo olona hanatanteraka an'izany ireo apostoly, nisy ny fifandaminana natao teo anivon'ny Eglizy, izany no antony nofidiana ireo diakra 7 lahy; tsy hoe tsy hanompo-ireo apostoly ireo Diakra fa manana asa sy andraikitra ao amin'ny Eglizy ka fampianarana velona ho antsika io taratasin'ny Apostoly io. *“Tsy mety raha ilaozanay mitandrana ny sakafo, ny fampianarana ny tenin’Andriamanitra. Koa amin’izany, ry rahalahy havana iray finoana, mifidiana fito lahy eo aminareo, izay tsara laza sady feno ny Fanahy Masina sy fahendrena, mba hametrahanay izany raharaha izany; ary izahay kosa hikely aina amin’ny fivavahana sy ny fitorian-teny”..... Narosony teo anatrehan’ny Apôstôly izy ireo, ka nametrahanay tanana nony efa vita ny fivavahana. Dia niely ny tenin’Andriamanitra, nihamaro be dia be ny mpianatra tao Jerosalema, ary betsaka koa ny mpisorona nanaiky ny finoana.”*

Hamarinina ny vakiteny voalohany amin'izao Alahady faha-5 Paka izao fa miroso amin'ny tena fiainana andavanandro ny Eglizy ka io ny mahatonga atsika milaza ny fampitrahaofana ny finoana sy ny fiainana andavanandro ny mampiseho ny maha-kristianina ary efa vokatr'ireo efa voalaza rehetra teo ambony dia fandraisana an'i Jesoa lalana, fahamarinana ary fiainana.

Mpiara-belona amintsika i Jesoa, mpiara-belona amintsika ny Eglizy, mizara ny manta sy masaka, izany ny Eglizy kely dia ny fianakaviana, Eglizy iraka ary Eglizy fiombonana.

Miainga avy amin'ny Eglizy kely ny fiainana maha-Kristianina atsika, ao no hivelomantsika ny finoana, izany no nahatonga ireo apostoly nametraka io fifandaminana io izay mbola lovany ny Eglizy hatramin'izao

Tamin'ny Alahady fahaefatra ny Paka lasa teo isika nahatsiaro ireo mpiara-dia akaiky an'i Jesoa dia ny Papa, ny eveka , ny pretra, ny diakra, nivavaka atsika mba ho mpanompo mahatoky izy ireo,

Enga anie izahay ry JESOA TOMPO ho vonona mandrakariva hamaly ny antsom-pitiavanao, hanompo ny Eglizy, hanompo ireo manodidina anay fa indrindra ireo izay sahirana ary dia ampio izahay amin'ny alalan'ny fiainanay hahay hampitraotra ny finoana sy fiainana andavavanandro hampiseho fa ianao tokoa no lalana sy fahamarinana sy ny fiainana mba ho tanteraka ny vavaka ataonao mba ho iray anie izy rehetra.

Ho fanehoam-pitiavana, hanjaka tokoa ny fahamarinana ny rariny sy ny hitsiny ka hivelona anatin'ny fiadanana marina izahay. Amen